

25 Aprily 2010

Tsy misy toerana ho an'ny tapatapany

«Ary koa ny fanjakan'ny lanitra dia tahaka ny mpandranto anankiray izay nikatsaka vatosoa .Ary rehefa nahita perla iray sarobidy izy,dia lasa nivarotra ny fananany rehetra ka nividy azy.» (Matio 13 : 45, 46)

Nanao izay azony natao mihitsy Andriamanitra nampahafantatra fa tsy maivamaivana taminy akory ny nanolorany antsika ny famonjena izay nampanantenainy ka nanaovany fianianàna nifanarahany tamin'i Jésoy hatramin'ny fanomezany toky ny Fanahy Masina. Maniry Izy raha ampieritreretana lalina toy izany koa no hamaliantsika ny antsony ka anaovantsika izany ho zava-dehibe indrindra eo amin'ny fiainantsika. Tokony hifanaraka amin'ny Mpamorona ny momba antsika rehetra ary izay teny mivoaka ny vavantsika sy ny asa ataontsika rehetra dia tokony hafantoka amin'io tanjona io.

Nampiasa fanoharana roa Jesosy mba hanazavàna io lesona io: ilay harena miafina tao an-tsaha sy ny vatosoa sarobidy. Ao amin'ireo fanoharana roa ireo dia mitovy hatrany ny fanapahan-kevitra noraisin'ireo mpiasa ary izay fanapahan-kevitra izay no tian'i Jesosy hotsipihina: nivarotra ny fananany rehetra izy ireo mba hahazoana ilay harem-bevava .Tsy nametraka fanontaniana ary tsy nisy eritreritra ambadika hafa tao amin'izy ireo. Kanefa misy lesona hafa azo tsoahina koa noho ny fahasamihafàna eo amin'ireo fanoharana ireo : mpivaro-mandeha ny iray ary mpiompy ny iray hafa. Tsy voasakan'ny fari-panànana na koa ny sarangam-piarahamonina ny fahazoana ny famonjena. Ho an'ny rehetra izany. Kisendrasendra no nahitàna ilay harena miafina, nila fotoana maharitra no notadiavana ilay vatosoa sarobidy. Tahaka izany, betsaka ny olona tafanantona an'Andriamanitra tamin'ny fomba tsy nampoizina, toy ny hoe tonga ho azy ny fanantenana ny tompo na dia tsy notadiavina akory aza izany. Misy olona maro hafa indray mifanohitra amin'izany no miseho, rehefa nikaroka ela tamin'izao karazam-pivavahana sy filozofia maro izao izy ireo dia izay vao nifanena tamin'ny Mpamonjy: mafy orina sy misongadina kokoa ny fifandraisana amin'izay.

Inona no maha sarobidy ilay vatosoa? Misy antony telo: ny tsy fahitàna firy azy, ny fahatanterahany ary ny fampiasàna azy. Eo amin'ny lafiny famonjena dia iray ihany ny Mpamonjy ary lalantokana no hahazoana mankeo aminy: ny finoana. Afaka mamonjy antsika hatramin'ny farany izy ary ny fizarantsika miaraka aminy no ilay toejavatra tsara indrindra azon'ny taranak'olombelona handramana ka nahatalanjona ireo anjely.

Ry mpamaky malala, mba ahazoanao izany dia tsy maintsy manomboka fanorenana ianao. Tsy tokony hisy ny fisalàsàlana na ny hoe « **raha ohatra kah** » na ny hoe «**kanefa raha izao** »; tsy misy mpanaradia n'i Kristy niova fo tapatapany ho voavonjy. « **Tiava an'i Jéhovah Andriamanitrao amin'ny fonao rehetra , amin'ny fanahinao rehetra sy ny sainao rehetra ary ny herinao rehetra** » (Marc 12:30) **Tsy moa izany ve no fomba nitiavany antsika?** (Jaona 3 :16)

